## NY TENY FIAINANA

*"Ary hianareo dia efa novelominy, fony mbola matin'ny fahadisoanareo sy ny fahotanareo."*
***Efesiana 2:1***

**Ligy Taekwondo WT Analamanga**

# Tokony hirosoana ny fifidianana filohan'ny Federasiona vaovao



*Teny Andravoahangy.*

Nanakiana ny fitantanan'ny FMTKD « Federasiona Malagasin'ny taranja Taekwondo WT », tarihan'Andriamatoa Ramanantsoa Christian, ny mpitantana ao amin'ny ligin'Analamanga eo amin'ity taranja ity notarihan'ny filohany, Rakotomanana Franck Rakotomanana, tamin'ny firesadresahany tamin'ny mpanao gazety tetsy Andravoahangy tamin'ny sabotsy 23 septambra 2023 lasa teo. Nolazain'ity filohan'ny ligin'Analamanga ity, fa tsy afaka ny hangina intsony ry zareo manoloana ny toe-draharaha misy eo amin'ity taranja Taekwondo eto Madagasikara ity, amin'ny fitantanana feno kiantranoantrano sy fanavakavahana ary tsy fanarahan-dalàna ataon'ny FMTKD. Tokony hirosohana amin'izay ny fifidianana filohan'ny federasiona vaovao, fa tsy hiandry ny volana janoary 2024 izany araka ny nambaran'ny FMTKD, satria efa tapitra ny fe-potoampiasan'izy ireo. Aoka mba ho mpitantana vaovao amin'izay no hanomana ny fandraisantsika anjara amin'ny fiadiana ny ho tompondakan'i Afrika 2023 amin'ny Taekwondo WT, hotontosaina any Côte d'Ivoire amin'ny 11 sy 12 novambra 2023 ho avy izao.

***Rainilita***

**« Rugby XXL Top 20, 2023 »**

# Hotontosaina ny alahady izao ireo lalao ankatoky ny famaranana



*Lalao XXL Top 20, 2023.*

Rehefa voatery naato noho ny fiatrehana ny lalaon'ny Nosy 2023 dia hotanterahina etsy amin'ny kianjan'i Makis Andohatapenaka, amin'ny alahady 01 oktobra 2023 ho avy izao, ireo lalao ankatoky ny famaranana ny fifaninanana rugby « XXL Top 20, 2023 », izay hialohavan'ny andro voalohan'ny fifaninanana sokajy federaly 2 miisa roa. Fandaharan-dalao amin'io alahady io : Sokajy federaly 2, 09 ora-Ftam Mandrangobato # 3F5 Amboditsiry, 11 ora-Rosa Antohomadinika # Crai Ambalavao Isotry, Sokajy Elite fédérale 1ora-Ftm Manjakaray # Uscar Commune, 3ora-Cosfa Miaramila # 3Fb Fahasalamana. Fidirana : ankizy 2000 Ar, lehibe 5000 Ar, tribune 10.000 Ar.

***Rainilita***

**« Mondial rugby France 2023 »**

# Niditra tamin'ny andro faha-4 nanomboka omaly alarobia

Niditra tamin'ny andro faha-4 manomboka omaly alarobia 27 septambra 2023, ny fifaninanana rugby « Mondial France 2023 », ka ry zareo ao amin'ny vondrona A no nisantatra an'izany tamin'ny fihaonan'i Uruguay sy Namibie. Hitohy anio alakamisy 28 septambra 2023 izany amin'ny alalan'ny fifanandrinanan'i Japon sy Samoa ao amin'ny vondrona D (01h30 ora frantsay) ary amin'ny zoma 29 septambra kosa ny lalao manaraka ao amin'ity vondrona A : 01h30 (ora frantsay)-Nouvelle-Zélande #Italie. Voka-dalao andro faha-3 : Italie 38 – 17 Uruguay (A), France 96 – 00 Namibie (A), Afrique du Sud 08 – 13 Irlande (B), Ecosse 45 – 17 Tonga (B), Géogie 18 – 18 Portugal (C), Galles 40 – 06 Australie (C), Argentine 19 – 10 Samoa (D), Angleterre 71 – 00 Chili (D).



*Mondial rugby France 2023.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Saosisy sy anandrano** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Mety avokoa na saosisy vita amin'ny henakisoa, na amin'ny henomby. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny jus-na hoditra mananasy

Ny soa azo avy amin'ny jus hoditra mananasy indray, no Mahasoa eto ami n'ny gazetinao androany:
- Manala fanaintainana.
- Misoroka homamiadana na cancer.
- Mahasalama ny fo.
- Misoroka areti-maso ( katarakta).
- Mampitony ny asthme na sohiaka.

Zavatra ilaina :
• rano 1 litatra.
• hoditra mananasy 1,
• siramamy.

Fanaovana azy : sasana madio ny hoditra mananasy; andrahoina amin'ny rano kely ilay izy . Rehefa izay dia arotsaka ao indray ilay rano 1litatra. Mamiana amin'ny siramamy arak'izay tiana dia avela hangatsiaka. Azo sotrina amin'ny fatra izay tiana. Tsy maintsy kibo voky no isotroana azy.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Anbatofisaka II distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana

Ny tanànan'Ambatofisaka II distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambatofisaka II ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Marolambo. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga. Ny voankazo toy ny akondro, ny letchi, ny manga. Anisan'ireo tanàna mitoka-monina any amin'ny distrikan'i Marolambo koa ity tanàna ity.

